




REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana



ANTENIMIERAMPIRENENA

REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2024

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-289 EX

FANDIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY VOLAVOLAN-DALANA  
LAHARANA FAHA-002/2024 TAMIN'NY 24 JANOARY 2024 «MODIFIANT ET COMPLETANT  
CERTAINES DISPOSITIONS DU CODE PENAL MALAGASY»

Fivoriana faha-4  
Natao ny  
Zoma 2 Febroary 2024  
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** - Andriamatoa HENRI Jean Michel  
- Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivelo Sadera

**FOTOANA:** Zoma 2 Febroary 2024, tamin'ny 11 ora sy 20 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-002/2024 tamin'ny 24 Janoary 2024 «modifiant et complétant certaines dispositions du code Pénale Malagasy»

Nitohy ny Zoma 2 Febroary 2024, tamin'ny 11 ora sy 20 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivelo Sadera, Kestora faharoan'ny Antenimierampirenena.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra tamin'ny nanatontosany ny fiantsoana anarana, Ramatoa Filoha dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera ny tenany, taorian'izay, mba hamaky ny tatitra mikasika ny volavolan-dalàna.

Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alarobia 31 Janoary 2024 tamin'ny 10 ora, maraina, ny Vaomieran'ny Lalàna nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-002/2024 tamin'ny 24 Janoary 2024, «modifiant et complétant certaines dispositions du Code Pénal Malagasy».

Andriamatoa IDEALSON, Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- IDEALSON
- 2- RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina
- 3- RAHERIARIJAONA Regina Clarisse
- 4- JOHASY RAHARISOA Eléonore
- 5- PEPIN Michou

- 6- RAZAFIMANANTSOA Hanitriniaina
- 7- RAKOTOMALALA Miarintsoa A
- 8- ANDRIANANDRASANA Norbert Marie Ignace
- 9- JEAN DANIEL dit Manjosoa

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana tonga nanatrika ny fivoriana;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- RAHARIMAMPIONONA
- 2- ASSIMO Bruno
- 3- RASOAZANANERA Monique
- 4- HENRI Jean Michel
- 5- RAVELOSON Guillaume
- 6- VELONTSARA Paul Bert
- 7- RAMAMONJISOA Jhon Whary

Ireto avy kosa ireo teknisiana tonga nisolotena ny Governemanta;

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- |                                |   |
|--------------------------------|---|
| 1- RAKOTONDRAJERY R. Salohy    | DGAJER/ MinJus                              |
| 2- RAKOTOMALALA Nadia          | DERL/MinJus                                 |
| 3- TSELANY Deborah             | Magistrat/DERL                              |
| 4- ANDRIANALIVELO Prisca       | VP/CNIDH                                    |
| 5- ANDRIAMAMPIONONA Laura      | Chef de Service de la Protection des DL/MEF |
| 6- NDRIANANJA Rotsy            | Chef de Service de la Promotion des DH      |
| 7- RANDRIANTSONGAINA Henriette | DGT/DCP/SRCF                                |
| 8- HERY M Charles              | DGT/DCP/SRCF                                |
| 9- RAYMONDE Anne               | MinJUS                                      |
| 10- RANDRIANIRINA Vatosoa      | Chargé d'études DERL/MinJUS                 |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana avy amin'ny Governemanta ny fitenenana mba hanazavany ny antonantony mikasika ny volavolan-dalàna.

Nambarany tamin'izany fa misy teboka roa no entina manazava ity volavolan-dalàna ity:

- Ny firongatry ny fanolanana mianjady amin'ny ankizy latsaky ny 18 taona;
- Ny fitondrana vahaolana haingana sady mahomby avy amin'ny Fanjakana mba hahafahana miady sy hampitsahatra ny firongatr'io fandikan-dalàna io.

Ireto avy ny tanjon'ny volavolan-dalàna:

- Fanatsarana ny famaritana ny atao hoe fanolanana;
- Fanamafisana ny sazy ho an'ireo rehetra voamarina fa nanolana ankizy latsaky ny 18 taona;

- Fampidirana ny “castration chirurgicale” ho sazy vaovao entina hampitsaharana tanteraka ny fahafahan’ireo mpanolana hamerina indray ny heloka;
- Fanamelohana ireo tranga mpiseho matetika izay ilana sazy hentitra (cas de circonstances aggravantes);
- Fampiharana avy hatrany ny lalàna raha vao mivoaka amin’ny gazetim-panjakana ity lalàna ity.

Ireto avy kosa ireo fanovàna lehibe entin’ity volavolan-dalàna ity:

- Ny fampidirana ny “castration” ho sazy vaovao ao amin’ny fanasaziana ny heloka bevava eo amin’ny andininy faha-7 ao amin’ny fehezan-dalàna famaizana, izay natao ho fampiatoana na fanafoanana tanteraka ny fahafahana manolana. Marihana fa ny fanolanana ankizy ihany no voakasika izany;
- Ny fanovàna ny famaritana ny fanolanana na “viol” eo amin’ny andininy faha-332 ao amin’ny fehezan-dalàna famaizana. Mba hisorohana ny fahasamihafana na fisalasalana amin’ny famaritana ny fanolanana dia notondroina mazava ireo endrika “pénétration sexuelle” mety hitranga ary nofaritana fa na inona na inona fomba nanaovana izany dia misy ny fanolanana;
- Nohamafisina ihany koa ny sazy mahazo ireo mpanolana zaza latsaky ny 18 taona: raha ny lalàna manan-kery no jerena dia asa anterivozona mandritra ny fotoana voafetra no sazy ho an’ny fanolanana ka azon’ny Fitsarana atao ny manome sazy 5 ka hatramin’ny 20 taona asa anterivozona.

Raha amin’ity volavolan-dalàna vaovao ity kosa, nasiana sokajy miisa telo ny sazy miandry ny mpanolana ka arakaraky ny taonan’ireo ankizy voalana no sazy ampiharina ka toy izao avy izany:

Raha latsaky ny folo (10) taona ilay ankizy niharan’ny fanolanana dia asa anterivozona mandrapahafaty no sazy;

Raha mihoatra ny folo taona (10) ka hatramin’ny telo amby folo (13) taona ilay ankizy niharan’ny fanolanana dia asa anterivozona dimy amby folo (15) ka hatramin’ny roapolo (20) taona no sazy;

Raha mihoatra ny telo amby folo taona (13) ka hatramin’ny valo amby folo taona (18) ilay ankizy niharan’ny fanolanana dia asa anterivozona 10 ka hatramin’ny dimy amby folo (15) taona no sazy.

Fanamafisana ny sazy ho an’ireo mpamerin-keloka amin’ny fanolanana (récidiviste) izay hita ao amin’ny andininy faha-332, andalana voalohany sy faharoa: raha mamerina manolana zaza latsaky ny 18 taona dia iharan’ny asa anterivozona mandrapahafaty no sazy miandry.

- Fampidirana ny “castration chimique”, izay endrika fitsaboana entina hampiatoana ny fahafahana manao fanolanana mandritra ny fotoana voafetra.

- Fampidirana ny “castration chirurgicale” na fandidiana mba tsy hahafahan’ireo mpanolana mamerin-keloka intsony, izay fandidiana manafaoana tanteraka ny fahafahana manao fanolanana. Ny tranga fanolanana amin’ny zaza latsaky ny telo amby folo (13) taona ihany no ampiharana io sazy io.
- Fampidirana tranga vaovao mpitranga matetika ka ilaina fanamafisan-tsazy “cas des circonstances aggravantes”, ka iharan’ny sazy asa anterivozona mandrapahafaty ny olona manao fanolanana amin’ireto tranga manaraka ireto:
  - Ny fanolanana ikambanam-be (viol collectif): fanolanana izay tanterahin’olona maro;
  - Ny fanolanana eo anivon’ny fianakaviana: fanolanana izay ataon’ny Ray aman-dreny niteraka amin’ny zanany na ny zafiny, na fanolanana izay ataon’ny mpiray tampo amin’ny Ray na Reny niteraka na fanolanana izay ataon’ny mpiray tampo na koa fanolanana izay ataon’ny zanak’olona mpiray tampo na ny fanolanana rehetra ataon’ny mpihavana na mifanalavitra aza;
  - Ny fanolanana olona sembana;
  - Ny fanolanana nitarika aretin-tsaina;
  - Ny fanolanana mitarika aretina mifindra amin’ny alàlan’ny firaisana aranofo tsy azo sitranina intsony;
  - Ny fanolanana mitarika ny fahasimban’ny taovam-pananahana.

Taorian’izay, niroso tamin’ny fanamarihana ny mpivory.

#### **FANAMARIHANA:**

Tsara marihana fa nanapakevitra ny Vaomiera mba hihaino ireo mpikambana avy amin’ny CNIDH araka ny fangatahan’izy ireo, ka ireto avy ireo fanamarihana vokatr’izany:

- Tokony hasiana fanaraha-maso ara-tsaina sy ara-pitsaboana ireo niharam-boina;
- Tokony havahana mazava tsara ny andraikitra raisin’ireo mpitsara sy ny mpitsabo raha ny mahakasika ity Volavolan-dalàna ity satria raha ny “Code de déontologie”-n’ny mpitsabo dia ilana ny fakan-kevity ny olona hanaovana io “castration” io, ka lasa mifanitsaka ny andraikitra;
- Tokony hofaritana mazava tsara ny olona hivesatra ny saram-pitsaboana satria lafo dia lafo ny vidin’izany;
- Tsy ilaina ny fanaovana “castration chimique” raha toa efa migadra mandrapahafaty ilay olona;
- Manitsakitsaka ny zon’olombelona ny voalaza ao amin’ny andininy faha-6 mikasika ny “présomption d’innocence” satria voalazan’ny lalàna fa tsy meloka ny olona iray mandrapivoakan’ny Didim-pitsarana manameloka azy.

Rehefa izay, nitondra fanamarihana ihany koa ny Solombavambahoaka arak’izao manaraka izao:

- Ilaina ny fanaovana ny “castration” ho an’ireo iharan’ny sazy an-tranomaizina mandrapahafaty satria mety mbola hampihatra ny filàny any am-ponja ihany koa ilay voasazy. Eo ihany koa ny fiaraha-monina mila fiarovana satria mbola afaka alefa any amin’ny “camp pénal” izay mbola ahitana zaza amam-behivavy ihany ny voafonja.

- Tokony hisy fanaraha-maso ny fanapahan-kevitra raisina mahakasika ny fanaovana “castration chimique” satria mety tsy ho araky ny saram-pitsaboana. Any amin’ny rijan-tenim-pampiharana no hamaritana ny toebola entina manatanteraka izany.
- Tokony hasiana ny fiaraha-miasa amin’ny Minisitara hafa rehefa mamolavola volavolan-dalàna tahaka izao, satria tokony hisy ny fanabeazana ny olom-pirenena izay vao miditra amin’ny fanasaziana.
- Tokony hatao ny “castration” rehefa mivoaka ny fonja ilay olona amin’ny alàlan’ny “libération conditionnelle” ohatra na “camp pénal” na “remise gracieuse de peine”.
- Tokony hojerena akaiky io andininy faha-6 io satria manitsakitsaka ny zon’olombelona, tokony hisy hatrany ny “présomption d’innocence”-n’ny olona iray manoloana ny lalàna. Mety ho tondro molotra na “erreur judiciaire” na koa fankahalana tsotra izao no anendrikendrehana olona iray, ka hiteraka ny fanagadrana azy. Tokony aorian’ny “enquête préliminaire” vao hampiharina ny voalaza amin’io andininy faha-6 amin’ny volavolan-dalàna io.

Taorian’izay, niroso tamin’ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

#### **FANONTANIANA SY VALINY:**

- 1 Sao dia hifandona amin’ny “code de déontologie”-n’ny mpitsabo ity sazy vaovao mikasika ny fandidiana ity?
  - Raha ny voalaza amin’ity volavolan-dalàna ity, tsy iharan’ny sazy ny fanatanterahana ity karazana “castration” ity satria ny Fitsarana no mamoka ny Didy ahafahan’ny Dokotera manao izany amin’ny alàlan’ny Didim-panjakana entina manatanteraka azy. Izany hoe, efa omen’ny lalàna fahefana ny Dokotera hanao ny “castration”.
- 2 Iza no miantso-roka ny saram-pitsaboana?
  - Efa nifandinika tamin’izany ireo olona namolavola ity volavolan-dalàna ity, fa tsy ny voampanga no hiantoka izany. Raha hivadika ho lalàna anefa ity volavolan-dalàna ity dia mety hisy ny fisokafan’ny vahaolana mikasika izany ary mety hihena ny sarany amin’ny alàlan’ny fiaraha-miasa amin’ny firenena hafa.
- 3 Ahoana ny fanaraha-maso ireo olona niharan’ny fanolanana?
  - Efa misy ny lalàna laharana faha-2019-008 mikasika ny “Violence Basé sur le Genre” izay miaraka amin’ny Didim-pitondrana laharana faha-2022-1219 tamin’ny 17 Aogositra 2022 mamaritra ny fisorohana, ny fiarovana ary ny fandraisana an-tànana ireo olona niharan’ny herisetra mifantoka amin’ny mahalalahy na mahavavy.

Rehefa izany, niroso tamin’ny fandaniana isan’andininy momba ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2024 tamin’ny 24 Janoary 2024 «modifiant et complétant certaines dispositions du Code Pénal Malagasy» ny Vaomieran’ny Lalàna.

- **Famelabelarana ny antonantony:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.
- **Andininy voalohany:** lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- **Andininy faharoa**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- **Andininy faha-2**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- **Andininy faha-3**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- **Andininy faha-4**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- **Andininy faha-5**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- **Andininy faha-6**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- **Andininy faha-7**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- **Andininy faha-8**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- **Andininy faha-9**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- **Andininy faha-10**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- **Andininy faha-11**: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory. Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra, naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirena.

Rehefa izany, nolanian'ny Vaomieran'ny Lalàna tamin'ny endriny tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny Volavolan-dalàna laharana faha-002/2024 tamin'ny 24 Janoary 2024 «modifiant et complétant certaines dispositions du Code Pénal Malagasy» ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany. Nifarana tamin'ny 1 ora, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa izany, nisaotra an'Andriamatoa Mpampakateny tamin'ny famakiany ny tatitra, Ramatoa Filoha,

Taorian'izay, nambarany fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra vao novakiana teo ny mpivory. Avy amin'ny Solombavambahoaka aloha vao ny solotenan'ny Governemanta.

Raha nomena fitenenana, Ramatoa JOHASY Raharisoa Eléonore, toy izao no fanamarihana nataony: ao amin'ny pejy faha-5, tokony hoe: ao anaty fiaraha-monina izay vao manaraka ny fanasaziana.

Eo amin'ny tsipika manaraka eo ambany, ajanona eo amin'ny hoe: «camp pénal» fa tsy tohizana amin'ny teny hoe: «remise gracieuse de peine». Izany hoe, tokony hisy fepetra maro vao azo avoaka ny fonja ny olona voasazy tamin'ny resaka fanolanana.

Ao amin'ny fanontaniana faharoa manao hoe: iza no miantsoroka ny saram-pitsaboana. Tsy saram-pitsaboana no voalaza tany amin'ny fivoriana, fa ny saran'ny fanaovana “castration”.

Rehefa tsy nisy nanana fanamarihana intsony ny Solombavambahoaka dia nomena ny solotenan'ny Governemanta indray ny fitenenana raha toa manana fanamarihana momba ny tatitra novakiana teo izy ireo.

Toy izao no fanamarihana nataon-dRamatoa RABY Ravatsarah, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fitsarana: ao amin'ny pejy faharoa, amin'ny lisitry ny solotenan'ny

Governemanta nanatrika ny fivoriana. Tokony hampidirina amin'io pejy io ny anaran-dRamatoa BELALAHY Hanitriniaina DDHRI/Min Jus, satria tonga nanatrika fivorianany tenany.

Amin'io pejy io ihany, eo amin'ny tsipika faharoa: hahafahana no izy fa tsy hafahana. Ao amin'ny tsipika fahafito, lasa hoe gazetim-panjakana no voasoratra, fa haino aman-jerim-panjakana no marina. Mbola amin'io pejy io hatrany, amin'ny tsipika fahavalo, misy diso tsipelina, fampiatoana no izy, fa tsy fampihatoana.

Ao amin'ny pejy fahatelo, tsipika fahatelo: andininy faha-332, andalana voalohany no marina fa tsy voalohany. Amin'io tsipika fahatelo io ihany manao hoe: iharan'ny asa anterivozona mandrapahafaty no sazy miandry. Esorina ny teny hoe: no sazy miandry.

Eo amin'ny faran'io pejy io, diso tsipelina tahaka ny teo aloha, hampiatoana no izy fa tsy hampihatoana.

Ao amin'ny pejy faha-4, teboka faha-4, amin'ny hoe: areti-tsaina, aretin-tsaina no marina.

Ao amin'ny pejy faha-5, tsipika faharoa: "castration chirurgicale" no izy raha toa efa migadra mandrapahafatiny ilay olona, fa tsy "castration chimique".

Ao amin'ny pejy faha-6, ao amin'ny valin'ny fanontaniana faha-2: amin'ny teny hoe: mety hihena ny sarany, soloina hoe arakaraky ny fivoaran'ny fitsaboana.

Farany, amin'io pejy io ihany, didim-panjakana laharana faha-2022-1219 no izy fa tsy didim-pitondrana.

Taorian'izay, nisaotra an-dRamatoa Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fitsarana, Ramatoa Filoha, tamin'ny fanamarihana ny tatitra nataony ary nomeny an-dRamatoa Mpitahiry ny Kasem-panjakana, Minisitry ny Fitsarana ny fitenenana, mba hamelabelarany ny antonanton'ny volavolan-dalàna.

Nanao satroka, Andriamatoa RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges, ary nanambara fa ny zanaky ny Malagasy mihitsy no voakasik'ity volavolan-dalàna ity. Rehefa manao fanadihadiana ny zandary dia ny andininy metimety aminy ao anaty Fehezan-dalàna Famaizana no ampihariny.

Tao anaty fandraisam-pitenenany anefa no nitondran-dRamatoa Filoha, ny fialan-tsininy amin'ny hanapahana izany satria tsy mbola miditra amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, fa hihaino ny fanazavàna hoentin-dRamatoa Minisitry ny Fitsarana momba ity volavolan-dalàna ity aloha ny fivoriambe.

Rehefa izany, nomena fitenenana hanazava ny volavolan-dalàna, Ramatoa RANDRIAMANANTENASOA Landy Mbolatiana, Mpitahiry ny Kasem-panjakana, Minisitry ny Fitsarana.

Fisaorana an-dRamatoa Filoha tamin'ny nanomezany fitenenana azy no nambarany voalohany. Manarak'izay, fiarahabana ny Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana.



Araka ny fandaharam-potoana voarakitra dia fandinihana ny volavolan-dalàna laharana faha-002/2024 tamin'ny 24 Janoary 2024 izay manova sy mameno ireo fepetra sasantsany ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana no hatao eto androany.

Alohan'ny hirosoana amin'ny adihevitra anefa, hovelabelarina amin'ny ankapobeny ity Volavolan-dalàna ity. Hita ao anatin'izany ireo fanavaozana natao; ny antony mampihoron-koditra ny firongatry ny fanolanana zaza tsy ampy taona eto amintsika ankehitriny. Voaresaka matetika amin'ny haino aman-jery sy any amin'ny tambajotran-tserasera izany. Fanampin'izay, manamafy ireo voalaza ireo ny antontan'isa voaray eny anivon'ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany manerana ny Nosy satria manodidina ny 600 eo ho eo no isan'ny ankizy niharan'ny fanolanana nandritra ny taona 2023. Ny tranga tena nampalahelo, nisy tamin'izy ireo aza zaza vao enim-bolana monja araka ny tarehimarika azo. Raha izay tarehimarika izay no asiana teny, tamin'ny volana Janoary lasa teo iny, efa nanahatratra 133 sahadry izany. Tsapa, raha ny zava-misy no jerena, tsy ampy hampihemotra an'ireo olona mpanolana zaza tsy ampy taona ny sazy napetraky ny lalàna misy ankehitriny, ka lasa mampirongatra an'ireo olona mpanao izany. Marihina fa miseho amin'ny endrika feno habibiana mihitsy ny fanolanana ataon'izy ireo. Manoloana izany dia tsy mitazam-potsiny ny fitondram-panjakana, fa mikaroka vahaolana hatrany mba nahafahana miady sy mifehy an'io firongatry ny fandikan-dalàna io.

Araka ny lahateny nataon'Andriamatoa Filoha, Andry Nirina RAJOELINA tamin'ny 31 Desambra 2023 lasa teo dia tsy maintsy saizana faran'izay henjana ny olona manao an'izany fanolanana zaza tsy ampy taona izany. Mifanaraka amin'izany indrindra no anton'izao fanolorana ny Volavolan-dalàna eto anivon'ny Antenimierampirenena izao, mba hodinihana sy holaniana raha sitrakareo. Ny antony, mirongatra ity resaka fanolanana ity raha eto amintsika no asiana teny.

Manarak'izay, ny zava-kendrena amin'ity Volavolan-dalàna ity dia hosaziana faran'izay henjana, hoy izahay araka ny voalaza teo, izay olona manao izany.

Mba hampihemotra sy ny tsy hisian'ny fanolanana intsony no tanjona rehefa lany ka hampiharina ity Lalàna ity. Izany hoe, ampahafantarina azy ireo, fa mafy dia mafy ny sazy miandry ny olona manao an'izany fanolanana izany.

Toy izao raha lazaina amin'ny ambangovangony ny tanjona tiana hotratrarina ato anatin'ity Volavolan-dalàna ity:

- Hamafisana ireo rijan-tenin-dalàna entina hiarovana ny zaza tsy ampy taona izay iharan'ny fanolanana satria anisan'ny zavatra faran'izay ratsy indrindra ny iharan'ny fanolanana. Ny antony, takaitra entina mandrapahafaty no vokany.

Ny hevi-dehibe nentina tamin'ny fanavaozan-dalàna natao:

Hofaritana miavaka tsara ny atao hoe: fanolanana.

Izany hoe:

- Apetraka mazava na amin'ny fomba ahoana na amin'ny endrika inona no entin'ny olona iray voampanga fa tsy nanolana ny tenany dia azo lazaina fa nisy foana aloha ny fanolanana. Raha lazaina amin'ny teny hafa, na tsy tanteraka aza izany, efa nisy ny fikasana hanolana. Ohatra, nanafosofo fotsiny izy na zavatra hafa no nampiasainy saika hanaovana izany.

- Nohamafisina koa ny sazy hampiharina amin'ny olona mpanolana zaza latsaky ny 18 taona ary ho sokajiana ho anisan'ny heloka bevava izany.

- Nampiana manokana ny sazy ho an'ireo mpanolana. Raha ao amin'ny Fehezan-dalàna Famaizana, ny "castration" araka ny voalaza teo hatao ary mety ho "chimique" izany na "chirurgicale".

Ny "peine de castration" dia fampiatona na fampijanonana tanteraka ny filàn'ireo nanao fanolanana.

- Hosaziana mafy ireo trangam-panolanana izay mpiseho matetika ary natao tamin'ny fomba feno habibiana. Izany hoe, fanolanana mitarika fahafatesan'ny olona niharam-boina na mamela takaitra mafy, toy ny aretin-tsaina na areti-mifindra amin'ny alàlan'ny firaisana aranofo izay tsy azo sitranina intsony. Misy ihany koa ny atao hoe fanolanana faobe ary ireny dia asa an-terivozona mandrapahafaty no miandry azy.

Momba ny lafiny paikady, haseho ampahibemaso koa ireo olona nanao fanolanana ary izany dia hatao eo ambany fanaraha-mason'ny Tonia Mpampanoa Lalàna ny fanatanterahana azy. Hampiharina avy hatrany ity lalàna ity raha vantany vao mivoaka hanan-kery sy hampafantarina amin'ny haino aman-jery.

Momba ny firafitry ny volavolan-dalàna, ahitana andininy miisa 12 izy ity ary lalàna manova sy mameno ny fepetra sasantsany ao amin'ny Fehezan-dalàna Famaizana. Andinin-dalàna miisa efatra ao amin'ny Fehezan-dalàna Famaizana Malagasy no nofenoina sy nasiam-panovàna, ka ireto avy izany: andininy faha-7, andininy faha-316, andininy faha-332 ary ny andininy faha-333.

Andininy miisa roa kosa no vaovao izay mitondra ny laharana faha-"332 Bis" sy ny andininy faha-332 "Ter". Ireo no nampidirina mba hamenoana izay voalaza mikasika ny fanenjehana sy fanasazina ireo olona nanao fanolanana.

Ireo andininy sisa kosa, azo lazaina fa mamaritra ny fepetra fampiharana sy manambara ny hamehana ary milaza ny hisian'ny didy fampiharana aorian'ny fahalanian'ny Lalàna.

Ny fanovàna nentina ao amin'ny andininy voalohany dia manambara ny fanovàna sy famenoana ny fehezan-dalàna famaizana.

Ny andininy faha-2 kosa, manova sy mameno ny andininy faha-7 ao amin'ny Fehezan-dalàna Famaizana, ao anatin'izay no nampidirana ny resaka "castration" satria izany no sazy vaovao hampiharina amin'ireo olona nanolana.

Ny andininy faha-3 dia manova sy mameno ny andininy faha-316 ao amin'ny Fehezan-dalàna Famaizana mba tsy hisian'ny fifanoheran'ny lalàna ary nohazavaina tsara fa tsy hosokajiana ho heloka akory ny fanaovana ny "castration", fa fanasaziana araka ny voalazan'ny fehezan-dalàna famaizana.

Ny andininy faha-4 indray dia manova sy mameno ny andininy faha-332 ao amin'ny Fehezan-dalàna Famaizana ary misy andalana maromaro ao anatin'ny andalana voalohany,

mamaritra mazava tsara fa na inona ny tranga fanolanana dia efa misy ny fanolanana. Ny andalana faha-2, manamafy kokoa ny sazy hahazo an'ireo olona manolana zaza latsaky ny 18 taona ka anasokajiana izany ho anisan'ny heloka bevava

Misy ihany koa sazy napetraka araka ny taonan'ny olona niharam-boina, ka toy izao ireo sazy ireo:

- asa an-terivozona mandrapahaty no mahazo ny olona nanolana;
- asa an-terivozona mandritra ny 15 ka hatramin'ny 20 taona ho an'ireo nanolana zaza 10 sady latsaky ny 13 taona.
- asa an-terivozona mandritra ny 10 ka hatramin'ny 15 taona kosa ho an'ireo nanolana zaza mihoatra ny 13 taona ary latsaky ny 18 taona. Nasiana fanavaozana ny momba an'io satria ny sazy teo aloha dia 5 taona ka hatramin'ny 20 taona. Izany hoe, nisy fifangaroana ka izay no antony nanavahana azy tahaka ireo voalaza ireo.

Marihana fa nohamafisina tao anatin'izay koa ny sazy azon'ireo olona mpamerin-keloka ho an'ny mpanolana zaza tsy ampy taona.

Ny andininy faha-5 dia mampiditra andininy vaovao izay mitondra ny laharana faha-332. Ny andalana faha-2 ao aminy kosa manambara fa hatao "castration chirurgicale" ireo olona nanolana zaza latsaky ny 10 taona; ny andalana faha-3 indray milaza fa hatao "castration chimique" raha eo anelanelan'ny 10 taona ka hatramin'ny 13 taona ny zaza voalana.

Marihana fa ao anatin'izany, fa ny zaza tsy ampy taona izay nanao ny heloka dia tsy tafiditra amin'ny fampiharana ny "castration".

Ny andininy faha-6 dia mampiditra ny andininy faha-332 "Ter" izay milaza fa haseho ampahibemaso ny olona nanao fanolanana. Andraikiry ny mpitandro filaminana no manao izany, saingy eo ambany fanaraha-mason'ny Tonia Mpampanoa Lalàna ny fanaovana izany araka ny voalaza teo aloha. Andininy vaovao mihitsy izany io nampidirina io.

Ny andininy faha-7 kosa manampy ireo tranga voalazan'ny andininy faha-333. Izany hoe, ireo tranga mateti-piseho ka ilàna fanamafisan-tsazy. Iharan'ny sazy mandrapahafatiny ny olona manao fanolanana tambabe, fanolanana eo anivon'ny fianakaviana, fanolanana amin'olona sembana, fanolanana mitarika aretin-tsaina, fanolanana mitarika aretina mifindra amin'ny alàlan'ny aretina tsy azo sitranina intsony ary fanolanana mitarika tsy fahatomombanan'ny fitaovam-pananahana intsony.

Mikasika ny andininy faha-8, manafoana ireo rinjan-tenin-dalàna mifanohitra amin'ity volavolan-dalàna ity.

Ny andininy faha-9 kosa, ao amin'ny andalana voalohany no mandidy ny fampiharana ny lalàna avy hatrany amin'ireo raharaha tsy mbola namoahana didy ary ny andalana faha-2 indray milaza ny hisian'ny didim-panjakana horaisina ho fampiharana ity lalàna ity rehefa lany soa aman-tsara eo amin'ny Antenimiera roa tonta izany.

Ny andininy faha-10 indray dia mikasika ny hamehana.

Ny andininy faha-11 farany kosa, araka ny mahazatra dia manambara ny famoahana ny lalàna ao amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika sy ny fampiharana azy.

Izay raha fintinina, hoy Ramatoa Minisitry ny Fitsarana, ny votoatin'ny Volavolan-dalàna izay atolotra am-panajana ny Solombavambahoaka mba holaniany.

Fankasitrahana ny asa nataon'ny Vaomieran'ny Lalàna sy ny Solombavambahoaka izay niara-niasa taminy no namaranany ny teniny.

Nisaotra an-dRamatoa Minisitry tamin'ny fanazavana fohy kanefa mazava mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-002/2024 tamin'ny 24 Janoary 2024 manova sy mameno ny andininy sasantsasany momba Fehezan-dalàna Famaizana, Ramatoa Filoha, taorian'izay.

Rehefa izany, nambarany fa hiditra amin'ny adivevitra ankapobeny ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RAKOTOMANJATO Edmond Rodin Georges, fisaorana no nataony ho an-dRamatoa Minisitry nitondra ny fanazavana teo.

Nomarihany fa amin'ny maha Solombavambahoaka ny Solombavambahoaka, tsy mahavita miasa irery izy ireo, fa tsy maintsy miara-miasa amin'ny vahoaka eny ifotony. Ohatra tamin'izany ny tranga niseho omaly tany amin'ny Disitrika nahavoafidy azy. Nisy fanolanana niseho, tratra ny mpanao ratsy kanefa tsy mbola misy fandraisana andraikitra hatramin'izao. Rehefa misy ny tranga tahaka ireny, tokony handraisana fepetra haingana satria ny mpanambola ihany no lasa manana ny rariny. Izany hoe, natao raharaha-pihavanana dia afa-maina ny mpanao ratsy, ny tsy manambola mandefitra manana ny marina kanefa zaza tsy ampy taona no niaran'ny fanolanana.

Nitondrany fanamarihana koa ny tokony hijerena ny fomba fitafin'ny vehivavy; ohatra: manao zipo fohy, manao akanjo manintona lehilahy hanao izany fanolanana izany. Inona no fepetra tokony horaisina manoloana izay.

Andriamatoa RAKOTOARISOA Rasoava Rija Jean kosa, nisaotra an-dRamatoa Filoha sy niarahaba azy tamin'ny fahatongavany indray eto an-tanindrazana.

Nangataka ny hanaovana lalàna mifehy ny "kidnapping" eto amintsika koa ny tenany satria manjaka loatra io asa ratsy io. Nomarihany fa anisan'ny lasibatra amin'izany ny Distrikan'Anjorobe izay nahavoafidy azy. Ny antony angatahana izany, satria manakorontana ny fiainan'ny fiaraha-monina ny fisiany.

Nisaotra an-dRamatoa Minisitry koa anefa ny tenany tamin'ny fanavaozana ny Fehezan-dalàna Famaizana eto amintsika izao.

Fitaonana ny Solombavambahoaka mba handany ny volavolan-dalàna no namaranany ny teniny.

Fisaorana ny Governemanta no nataon'Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezanantsoa, tamin'izao fanovàna ny Fehezan-dalàna Famaizana izao satria maro ny fisian'ny fanolanana miseho eto amintsika. Tahak'izay koa, nisaotra an'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika ny tenany, nanana finjavana hampanao izany fanovàna izany ary nampanolotra azy teto anivon'ny Antenimierampirenena mba hodinihana.

Nambarany fa mirongatra tokoa ny fanolanana eny anivon'ny fiaraha-monina, ka anisan'ny vahaolana ity fanovàna natao ity araka ny voalazan-dRamatoa Minisitry, tamin'ny fanazavana nataony teo.

Raha ny zavatra tsapa, aleo asiana fanaraha-maso eny anivon'ny fiaraha-monina satria hita fa misy fanararaotana ara-nofo ataon'ny Ray aman-dReny indraindray. Mety samy tsy ho ampy taona ny zaza miaraka na mety ho ampy taona ny lehilahy, tsy fantatra izay nifanarahan'ireo Ray aman-dReny tany ambadika tany, hany ka lasa atao fitadiavam-bola ity resaka fanolanana ity. Hisorohana izany no angatahana ny tokony hisian'ny fanaraha-maso eny anivon'ny fiaraha-monina.

Araka ny fanazavana teo, tokony hojerena koa ny saran'ny fitsaboana ho an'ny olona voalana, fa tsy ny sazy ho an'ny olona nanolana ihany no atao mibahana ato anaty volavolan-dalàna.

Nambarany fa vonona ny handany ny Volavolan-dalàna ny tenany ary mankasitraka ny fanolorana azy teto amin'ny Antenimierampirenena ihany koa.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore kosa nanamarika, fa efa nanatrika ny asa-baomiera ny tenany. Nitondrany fanamarihana tamin'izany ny tokony hisian'ny fanabeazana eny anivon'ny fiaraha-monina ary tsy ny famaizana ihany no hatao henjana tahaka izao satria mifameno ny fitaizana eny amin'ny fiaraha-monina sy ny ao an-tokantrano. Araka ny voalaza teo, raha izany no dinihana, tena mirongatra tokoa ny resaka fanolanana eto amintsika satria tao anatin'ny iray volana monja dia miisa 133 ny olona tratran'ny fanolanana. Mampalahelo izany, ka rariny raha andraisana fepetra tahaka izao atao eto izao.

Araka izany indrindra no tokony hametrahana ireo fahefam-panjakana isan'ambaratongany eny anivon'ny Distrika sy Kaominina manerana ny Nosy satria matetika raha ny vaovao heno dia olona mamono na midoroka zava-mahadomelina no tena manao ny fanolanana. Noho izany, ireo seha-pahefana ireo no mandray andraikitra avy hatrany ary tokony ho afaka mampihatra ny sazy mifandraika amin'ny zavatra nataon'ireo olona ireo.

Fanampin'izay, tokony hojerena ny fanolanana mihatra amin'ny olon-dehibe satria henontsika ny fisian'izany. Marihana fa ny trangan'ny fanolanana dia mety ho azo hokilasiana iray ihany; ny antony, samy maharary avokoa na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba inona no trangan'ny fanolanana niseho. Saika fanolanana zaza tsy ampy taona ity voazala eto ity kanefa tokony hojerena koa ny mikasika ny olon-dehibe.

Fisaorana an-dRamatoa Minisitry ny Fitsarana, tamin'ny fanolorana ity volavolan-dalàna ity no nataon'Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Celestin, raha nandray fitenenana satria tena fitsinjovana ny zaza Malagasy no votoatiny.

Raha ny resaka fanolanana no asiana teny, hoy hatrany izy, misy karazany roa no fisehony. Voalohany, avy amin'ny alàlan'ny fidorohana zava-mahadomelina. Ity voalohany ity dia mampanaonao foana ny olona mpidoroka, lasa any amin'ny fanolanana no iafaran'ny sainy.

Faharoa, avy amin'ny "hormone sexuelle" izay matetika manery ny olona hanolana. Vokatry'izany, misy ny tsy fahafehezan-tena dia lasa manolana ny olona iharan'ny fiakaran'ny tahan'io "hormone" io. Avy amin'ny fanasokajiana azy ireo no tokony handraisana fepetra hoe, "castration chirurgicale" ve no hatao aminy sa "castration chimique".

Fantatra fa rehefa iharan'ny fanolanana ny olona iray dia miteraka aretin-tsaina sy tsy fahatomombanana amin'ny fiainany izany. Ny antony, fiantraikany ratsy no azony, ohatra simba ny taovam-pananahany, misy ny aretina azo, tratran'ny rarin-tsaina koa izy vokatry ny fanolanana hahazo azy. Noho izany, tena ilaina ny fampiharana faran'izay mafy an'ity lalàna ity rehefa lany soa aman-tsara eto ary iangaviana koa ny tsy hisian'ny fifampiraharahana na amin'iza na amin'iza raha resaka fanolanana no miseho.

Fanentanana ny Solombavambahoaka namany mba handany ny volavolan-dalàna no namaranany ny teniny.

Nanao satroka, Andrimatoa RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina, fisaorana an-dRamatoa Filoha nametraka fitokisana taminy tamin'ny tsy naha teto an-toerana azy no nambarany voalohany.

Taorian'izay, nangataka ny handanina ny Volavolan-dalàna na tsy handaniana izany ny tenany satria efa nodinihana naharitra tany amin'ny asam-baomiera izy ity ary izao entina eto amin'ny fivoriambe izao mba handraisana fanapahan-kevitra farany. Koa raha samy mbola handray fitenenana eto daholo ny Solombavambahoaka, tsy ho tapitra mihitsy ny resaka fa lasa adihevitra tsy hisy farany kanefa zavatra efa voadinika tany amin'ny asam-baomiera ihany no averina lazaina. Raha mety aleo hiditra amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra araka ny voalaza teo.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin, nambarany fa maro ny sehatra manasazy mikasika ity fanolanana ity, toy ny zandary, polisy ary ny mpitsara. Eo anatrehan'izay anefa, tokony hisy ihany ny fifampiresahana eo amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana sy ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena mba hitaizana ny vahoaka sy hampahafantatra azy ireo ny fisian'ny lalàna mihatra eto amin'ny tany sy ny firenena. Izany hoe, hatao mafy tokoa ny sazy omena ny olona nanolana satria efa beazina hanao tsara fitondran-tena ny vahoaka satria efa ampahalalaina azy ny lalàna misy sy ny sazy mifanaraka amin'izany raha meloka izy, indrindra amin'ny resaka fanolanana.

Manarak'izay, amin'ny sazy ampiharina hoe fanamelohana ho faty; tsy izy rehetra no ho faty fa mety ho iray isan-jato ihany.

Mikasika ny mpitsabo kosa, nitondrany fanamarihana ny mety tsy hanatanterahany ny "castration" satria matahotra ny hisian'ny valifaty hataon'ny havan'ny olona natao an'izany izy ireo aorian'izay.

Namaranany ny teniny ny tokony hanaovana fanaraha-maso ny olona nanaovana “castration” aorian’ny fandidiana hoe nandaitra ve sa tsia ny zavatra natao.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jaen Brunelle indray dia nisaotra ny fitondram-panjakana tamin’ny fanolorana ity volavolan-dalàna ity satria ny zavatra tsapa ao anatin’ny voalohany dia ny fiarovana ny zaza tsy ampy taona sy ny vehivavy manoloana ny fanolanana mety hitranga. Fantatra maneran-tany, fa fandikan-dalàna izany antsoina hoe fanolanana izany. Mendrika ny hahazo sazy mavesatra tokoa ny olona nanao azy. Koa isaorana ny Fahefana Mpanatanteraka nitondra izao fanovàna sy fanavaozana izao. Ny antony, tena hampihena ny trangan’ny fanolanana eto amintsika raha tontosa ny fampiharana azy.

Tiana ny manamarika fa sarotra tadiavina raha eto Madagasikara no resahana momba ny fitaovana hanaovana “castration” io satria fitaovana ara-tsiantifika avo lenta no tokony hampiasaina.

Nomarihany koa, sao tokony handinika tsara alohan’ny hampiharana ny sazy. Ny antony, sao misy fanendrikendrehana na fanosoram-potaka tiana hatao amin’olona iray dia ho voasazy izy na tsy nanao na inona na inona aza. Ohatra, raha misy vehivavy iray efa niaraka tamin’olon-kafa no hiteny atỳ aoriana hoe naolan-dranona aho, inona no hatao manoloana ity lalàna ity.

Mikasika ny sazy, raha ny “castration” no asiana resaka, ny “castration chimique”, enimbolana no faharetany, fa ny “castration chirurgicale” kosa mbola tsy fantatra hoe hafiriana. Tokony ho mailo isika sao enjehan’izao tontolo izao amin’ny fampiharana ny “droit comparé”

Manarak’izay, ny fitsirihana ny fahasalaman’ny olona tratan’ny fanolanana, tokony ho fantatra hoe inona ny zavatra nampiasain’ny mpanolana, amin’izay fantatra koa ny fitsaboana tokony hatao mifanaraka amin’izany.

Teo am-pamaranana ny teniny, nambarany fa mila havaozina mihitsy ny “politique pénale” eto Madagasikara, satria Nosy no misy antsika ka ilana fanaraha-maso ny fidiran’ny zavamahadomelina eto amin’ny firenena.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré, nambarany fa maro ny zavatra tokony holazaina eto kanefa efa voasoratra ao amin’ny volavolan-dalàna daholo izany, koa eo anatrehan’izay, aleo hiroso amin’ny tsangan-tànana handaniana ny volavolan-dalàna amin’izay isika.

Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Patrice kosa, nisaotra ny fitondram-panjakana nanolotra an’izao volavolan-dalàna izao ary nangataka ny hanorenana fonja manokana ho an’ny olona mpanolana satria raha ny fandinihany azy, aretina ity fanolanana ity, ka manahy ny tenany fa na any am-ponja aza, mety mbola hanolana ihany ireo olona ireo.

Andriamatoa RAHARISIMANANA Paul Bert indray nanambara, fa misy vondron’olona mitaiza ankizy, amin’ireny koa dia mety hiteraka fanolanana. Mialatsiny raha hanonona anarana, ohatra ny mopera; mitaiza tanora izy ireo ka tsy ferana ny hisian’ny fakampanahy ao aminy.

Nambarany koa fa misy taratasy voarainy izay tsy mifandray amin'izao fivoriana izao, saingy fiangavian'olona ka homeny an-dRamatoa Minisitra rehefa vita izao fivoriana izao.

Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert kosa nanambara fa, iaraha-mahalala fa efa nodinihana tao amin'ny asa-baomiera ity Volavolan-dalàna ity ka tsy tokony handany fotoana intsony fa aleo hiroso amin'ny tsangan-tànana mba handaniana azy.

Taorian'izay, nanentana ny Solombavambahoaka mba handany ny Volavolan-dalàna ny tenany.

Fanamarihana kosa no nataon'Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, nambarany fa fivoriambe izao ka tokony ho afaka miteny daholo izay manan-kolazaina satria lapan'ny demokrasia ato amin'ny Antenimierampirenena. Notsindriany koa fa ny lalàna tsy azo ataotao foana, fa mila fandinihana sy adihevitra lalina ary aorian'izay vao tokony hiroso amin'ny fandaniana.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa araka ny sosokevitra natolotr'Andriamatoa Filoha Lefitra misahana ny Faritanin'Antananarivo teo, aleo hiroso amin'ny tsangan-tànana handaniana ny Volavolan-dalàna amin'izay ny mpivory.

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha, fa handraisana fanapahan-kevitra ny hanohizana na tsia ny fandraisam-pitenenana.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 59 no nandany; Solombavambahoaka miisa 5 no nitsipaka.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny hirosoana amin'ny fandaniana ny Volavolan-dalàna.

Nomarihan-dRamatoa Filoha, fa ahitana andininy miisa 11 miampy ny famelabelarana ny antonantony ity Volavolan-dalàna laharana faha-002/2024 tamin'ny 24 Janoary 2024 "modifiant et complétant certaines dispositions du Code Pénal Malagasy" ity.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andininy ny mpivory.

**Famelabelarana ny antonantony:** tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 67 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny famelabelarana ny antonantony.



**Andininy voalohany:** tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-pavàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 67 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy voalohany.

**Andininy faha-2:** tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 67 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faharoa.

**Andininy faha-3:** tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 67 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-3.

**Andininy faha-4:** tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 67 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-4.

**Andininy faha-5:** tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 67 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-5.

**Andininy faha-6:** tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 67 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-6.

**Andininy faha-7:** tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 67 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-7.

**Andininy faha-8:** tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 67 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-8.

**Andininy faha-9:** tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 67 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-9.

**Andininy faha-10:** tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 67 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-10.

**Andininy faha-11:** tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 67 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny andininy faha-11.

Rehefa vita ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andininy dia niroso tamin'ny fanapahan-kevitra ankapobeny ny mpivory.

Nomarihan-dRamatoa Filoha, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antemierampirenena no ampiharina amin'ny fandania ity Volavolan-dalàna ity.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 67 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ny Volavolan-dalàna laharana faha-002/2024 tamin'ny 24 Janoary 2024 « modifiant et complétant certaines dispositions du code Pénal Malagasy ».

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana Ramatoa RANDRIAMANANTENASOA Landy Mbolatiana, Mpitahiry ny Kasem-panjakana, Minisitry ny Fitsarana.

Fisaorana sy fankatelemana ny Solombavambahoaka tamin'ny fandania ny Volavolan-dalàna laharana faha-002/2024 tamin'ny 24 Janoary 2024 « modifiant et complétant certaines dispositions du code Pénal Malagasy », no nataony.

Nambarany koa fa voaray avokoa ireo fanamarihana natolotry ny Solombavambahoaka teo, ka harenina izay azo arenina mikasika izany. Momba ny didy fampiharana kosa, hezahana ny hampihatra ny lalàna araka ny tokony ho izy ary hatao izay tsy hisian'ny fanavakavahana amin'ny fampiharana azy. Izany hoe, tsy misy olona ambonin'ny lalàna fa tokony hitovy daholo. Ao anatin'izay, hasehonay fa mahaleotena tanteraka ny fitsarana amin'ny fampiharana ny lalàna misy eto amin'ny tany sy ny fanjakana.

Fisaorana an-dRamatoa Filoha, tamin'ny fahalavorarian'ny fihaonana no namaranan-dRamatoa Minisitra ny fitenenany.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, koa anio amin'ny 3 ora, tolak'andro, hisy ny fandinihina sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-001/2024 tamin'ny 24 Janoary 2024 «modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2014-020 du 27 septembre 2014 relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections, ainsi qu'à l'organisations au fonctionnements et aux attributions de leurs organes, modifiée et complétée par la Loi n°2018-011 du 11 Juillet 2018 et par la Loi n°2021-010 du 05 Août 2021».

Niato tamin'ny 1 ora, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA  
RAZANAMAHASOA Christine Harijaona



Corele®